TATITRA

NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA ENY IFOTONY DINGANA FAHA 4 - 7 - 8

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Ambohitrony Andriampamaky

Daty: 16-17 sy 22 – 23 Oktobra 2012

Toerana: Kaominina AMBOHITRONY

Mpandray anjara nandritra ny fiofanana tany Ambohitrony

FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA 2
FANOLORANA 3
TANTARA 4
FIZOTRY NY ATRIKASA 5
FAHATRARANA NY TANJONA 8
IREO FANAMBY 8

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA 10
TOVANA B- FANAMARINAM-PAHATONGAVANA 12
TOVANA D: FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE 14
TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA 17

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina Ambohitrony ny 16; 17 sy 22; 23 Oktobra 2012, tao amin'ny biraon'ny kaominina. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny sefo fokontany, fikambanana avy amin'ny kaominina telo dia: Ambohitrony, Ankazondandy ary Ambohibao Sud izay kaominina telo ao anatin'ny Distrikan'I Manjakandriana.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina fa indrindra ny fanentanana ny firotsahan-ko fidiana ny vehivavy amin'ny fifidianana kaominaly. Lohahevitra efatra mazava no nodinihana nandritra ny efatra andro:

-Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.
-Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, ny andraikitry ny nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.
-Lohahevitra fahatelo: izay nampahafantarina ny atao hoe fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pitondrana, fampahafantarana ny andraikitr'ireo rantsa-mangaikan'ny kaominina
-Lohahevitra faha efatra: ny teknolojia sy ny serasera, fampianarana sy fanokafana adiresy mailaka ho an'ny mpiofana tsirairay. Resaka tamin'ny mpanao gazety

Maro ireo olona Tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Nampitombo ny risipon'ireo mpiofana ho liana bebe kokoa amin'ny filatsahan-ko fidiana amin'ny fifidianana kaominaly. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy eo amin'ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Ramatoa Ben'ny Tanàna Rtoa RAZAFIMALALA Marie Pauline, noho ny nisafidianana ny kaominina Ambohitrony ho toerana anaovana ny fiofanana. Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny efatra andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa.

Notohizana tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo. Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin'ny fiaraha-monina.

Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitantanana.

Tao amin'ny lohahevitra fahatelo no nijerena ny mikasika ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pitondrana, ny andraikitry ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina.

Ny lohahevitra fahaefatra farany no nampianarana ny paik'ady sy ny serasera ary ny teknolojia vaovao. Resaka tamin'ny mpanao gazety mikasika ny fiofanana sy ny fifidianana.

Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

- **Momba ny fiheverana raiki-tampisaka**

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiarana ka namoahana ireo tonon-kira, horonan-tsary, fomba fitenenana sy fomba amam-panao izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara

asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano ary indrindra tompon'ny fanapahan-kevitra. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny fiaraha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "nitady zaza ka tera-dahy" sy ny hoe "Arabaina fa nahazo mpatsaka"

- **Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy:**

Maro ihany koa ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Nosinganina tamin'izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian'ny fotoana
- Sakana ataon'ny lehilahy sy ny fiaraha-monina amin'ny tsy famelana ny vehivavy handray andraikitra, ...

Asa isan-tarika

- **Vaha-olana natolotra**

- Fampirisihana ny tovovavy handranto fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanentanana ny lehilahy hiala amin'ny hevitra raikitampisaka izay manivaiva ny vehivavy ary manindraindra ny lehilahy
- Fanofanana ny vehivavy
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.
- Fampandraisana anjara mivantana ny vehivavy amin'ny sehatra fampandrosoana sy fanapahan-kevitra

Nandritra ireo lohahevitra efatra ireo ihany koa no nahafahana nahafantatra ireo filana misy eo amin'ny kaominin'Ambohitrony manokana. Nefa alohan'izany dia nohazavaina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao filana fototra sy filana maharitra mila paikady (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

- **Ireo filana maharitra mila paikady ao amin'ny Kaomina Ambohitrony**

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio
- Fanabeazana
- Fialamboly
- Lalana
- Tsena

Mpiofana maneho ny Heviny

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampihatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray
- Maro ireo resy lahatra ka vonona hiroso amin'ny filatsahan-ko fidiana

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana
- Ainga 50% ho an'ny vehivavy hilatsaka ho fidiana (ben'ny tanàna sy mpanolotsaina)

Mpiofana iray manazava ny asa tarika

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA

ENY IFOTONY

Firenena: Madagasikara
Kaominina:CR Ambohitrony
Toerana: CR Ambohitrony
Daty: 16 -17 sy 22 - 23 Oktobra 2012

Ora	16 Oktobra 2012	Iza(Tompon'andra ikitra)
Andro voalohany		
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny tanàna
9h- 10h 15	Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Quiz Instrument	GL
10h 15- 10h 30	**Pause café**	
10h 30 - 12h30	Loh 1 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	GL
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h	Loh 2 : Miralenta sy Fitondrampanjakana	GL
15h-16h	Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	GL
17 Oktobra2012		
8h30-09h30	Loh 3 : Ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pitondrana	GL
9h30- 10h	Andraikitry ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina	GL
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15-10h 30	Fizarana groupe : G1: Ny fitsinjaram-pahefana G2 : Ny fanapariaham-pitondrana	Ny rehetra
10h 30 – 12h 30	Atrikasa isam-baomiera	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	Fanehoana ny asa isam-baomiera	Ny rehetra
22 Oktobra 2012		
8h 30– 10h	Fanehoana ny asa isam-baomiera (Tohiny)	Ny rehetra
10h – 10h15	**Pause café**	
10h15-12h30	Famakafakana ny asa isam-baomiera	Ny rehetra

12h30-14h	Sakafo	
14h-15h 45	Famakafakana ny asa isam-baomiera	Ny rehetra
15h45-16h	Evaluation	Ny rehetra
	23 Oktobra 2012	
8h 30– 10h	Resaka amin'ny mpanao gazety Fanazavana ny serasera sy teknolojia	Ny rehetra
10h – 10h15	**Pause café**	
10h15-12h30	Fampianarana fanokafana adiresy mailaka	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h 45	Fampianarana fanokafana adiresy mailaka	Ny rehetra
15h45-16h	Evaluation	Ny rehetra

Mpiofana manokatra adiresy mailaka

Stage 4-7-8
Country: MADAGASCAR
Kaominina Ambohitrony
Toerana: Biraon'ny kaominina
Date: 16, 17 sy 22 , 23 Oktobra 2012
FICHE DE PRESENCE

N°	ANARANA SY FANAMPINY	SEXE	TOERANA HIANDREKETANA	ANDRAIKITRA	TEL	E mail
01	RASOARIVELO Haingo	F	Ambohitrony	Mpitam-bolan'ny fokontany	033 23 095 92	rasoarivelohaingo@yahoo.fr
02	RAMAROSOA Henriette	F	Ambohitrony	Dispensatrice CBS II	032 56 795 94	ramarosoahenriette@yahoo.fr
03	RAHAINGOARIMANANA Sahondra	F	Ambohitrony	Agent communautaire Ambohibary		rahaingoarimananasahondra@yahoo.fr
04	RASOAMALALA Marie Lucile	F	Ambohitrony	Comite de developpement social Ambohibary		rasoarimalalamarielucile@yahoo.fr
05	RAVEROMALALA Fredmond Francine	F	Ambohitrony	Agent communautaire Ambohijanaka		raveromalalafredmondfrancine@yahoo.fr
06	HASINTSEHENO Rahariniriana Miora	F	Ambohitrony	Sefom-pokotany	033 12 075 49	mioratianahasitseheno@yahoo.fr
07	RAVELOARIMALALA Vololoniaina	F	Ambohitrony	Mpitam-bola Fokotany Ambohijanaka	033 12 690 31	
08	RAHEDIARISOA Volahanta	F	Ambohitrony	Comite de developpement social Ampiadianombalahy	033 01 750 93	rahediarisoavolahanta@yahoo.fr

09	RAZOELISOA Vololoniaina	F	Ambohitrony	Agent communautaire Ampiadianombalahy	032 57 872 07	razoelisoavololoniaina@yahoo.fr
10	RASOARIMANANA Lalaina	F	Ambohitrony	Mpikarakara tokantrano	033 62 531 54	rasoarimananalalaina yahoo.fr
11	RAHERIMALALA Jeanine	F	Ambohitrony	Agent communautaire Ambohitrony		raherimalalajeaninean@gmail.com
12	RANDRIANASOLO Bakonirina	F	Ambohitrony	Sefom-pokontany		randrianasolobakonirina@yahoo.fr
13	RAZAFINDRAKALA Edmondine	F	Ankazondandy	Lefitry ny Sefom-pokontany		razafindrakalaedmondine@yahoo.fr
14	RANDRIANARISON Honore	M	Ambohitrony	Sefom-pokontany Ampiadianombalahy		randrianarisonhonoreanal1@gmail.com
15	RAOLOHERITIANA Yvette	F	Ambohibao Sud	Agent communautaire		rasoloheritianayvette@yahoo.fr
16	RAZAFIMALALA Marie Pauline	F	Ambohitrony	Ben'ny tanana	033 14 588 85	
17	RAMIHANTASOA Marthe	F	Ambihibao Sud	Agent communautaire	033 29 180 70	ramihantasoamarthe@yahoo.fr
18	RAVAOMAHOLIARIMANGA Mihonja	F	Ambohibao Sud	Agent communautaire		ravaomaholiarimangamihomja@yahoo.fr
19	RAMANANTENASOA Marie Cecile	F	Ambohitrony	Agent communautaire	033 41 235 48	ramanantenasoamariececile@yahoo.fr
20	RAVONIARIMANANA Verohanitra	F	Ambohitrony	Sefom-pokotany		ravoniarimananaverohanitra@yahoo.fr
21	RASOARIMALALA Lucie	F	Ambohitrony	Mpikarakara tokantrano		rasoarimalala.lucie@yahoo.fr
22	RAZAIARIMANANA Olive Juliette	F	Ambohitrony	Sefom-pokontany	033 81 240 13	razaiarimananaolivejuliette@yahoo.fr
23	RAKOTOARISOA Jean Philibert	M	Ambohitrony	Sefom-pokontany	033 07 804 20	philibert.rakotoarisoa@yahoo.fr
24	RASOARIMALALA Marie Josee	F	Ambohitrony	Comite de developpement social Andriampamaky	033 83 493 09	rasoarimalalamariejoseean@gmail.com
25	RANDRIANSOLO Raymond	M	Ambohitrony	Sefom-pokotany	033 08 553 21	raymondrandrianasoloan@yahoo.fr

Tovana D: **FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE**

SEHATR'ASA	FOTOTRA IAINGANA	TANJONA	ASA HO ATAO
1-Fintatananana ankapobeny			
I-Fintantanana eo anivon'ny Kaominina			
Representation	-Mifandanja ny isan 'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny kaominina Vavy 03 lahy 02 -Eo amin'ny fokontany (sefom-pokontany) Vavy 01 lahy 04	Tratra ny fanamby 50/50 Ampitomboina ny isan'ny vehivavy sefom-pokontany	Fanentanana Fampiofanana
Fandraisana anjara	Mandray anjara mavitrika ny vehivavy	Tohizana ny fandraisana anjara mavitriky ny vehivavy	
II-Fifanentanana sy fandraisana mpiasa ary fampiasana azy ireo			
Fifantenana sy fandraisana mpiasa	Ny mpiasa teo aloha ihany no notazonina	• Mpiasa mahafehy tsara ny asa ataony • Ahitana mpiasa lehilahy sy ny mpiasa vehivavy	• Fampiofanana ny mpiasa • Atao mitovy ny zo eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny fifantenana mpiasa
Fisondrotana amin'ny asa sy ny fanamafisana ny fahaiza-manao	• Tsy hita taratra ny fisondrotana • Tsy ampy ny fiofanana	• Tsy misy fanavakavahana eo amin'ny fisondrotana ho an'ny mpiasa rehatra • Mitombo ny fahaiza-manao	• Mitovy ny fisondrotana amin'ny eo amin'ny lahy sy ny vavy • Fanomezana fampiofana
Tontolon'ny asa	• Milamina amin'ny ankapobeny	• Asa mirindra sy milamina, vita tsara	• Fampiofanana sy fandaminana
III-Fintantanana ny raharaham-panjakana eo anivon'ny Kaominina			
Servisy ankapobeny	• Azo ekena	• mirindra	• Fandaminam-potoana
Soram-piankohonana	• Misy fahadisoana indraindray • Mbola misy olona tsy manana kopia vehivavy sy ankizy indrindra indrindra	• Vita tsara • Olo –pirenena tsirairay manana kopia	• Fampiofanana • Fanomezana kopia

IV-Ny miralenta eo amin'ny lamin'asa			
Foto-drafitr'asa			
Toeram-ponenana	Betsaka ny trano tsizarizary	Fonenana manara-penitra	• Fanentanana ny olona ampiasa ny lava-piringa sy ny lava-pako fanatsarana
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra	• Fokotany 2 amin'ny 5 no misy herin'aratra • Tsy ampy ny borne fontaine	• Ny fokotany rehatra mba hisy herin'aratra • Ny fokotany rehetra mba hisy rano fisotro madio	• Fanitarana • Fametrahana foto-drafitr'asa maharitra;jiro, rano (sinibe an drano .)
Fahasalamana	• Lavitra ny tobim-pahasalamana	• Tobim-pahasalamana manakaiky ny vahoaka	• Fametrahana tombim-pahasalamana vaovao • Fanentanana ny vahoaka hampiasa ny tombim-pahasalamana
Fanabeazana	• Tsy ampy ny mpampianatra	• Mpampianatra ampy	• Ampiana ny mpampianatra
Fitaterana	• Tsara	• Hatsaraina hatrany	• Fiaraha-miasa amin'ny mpitatitra
Lalana	• Ratsy • Tsy ampy ny fikojakojana ny lalana	• Lalana tsara	• Fikojakojana • Fanentanana
Tsena	• Tsy misy tsena	• Tsena ara-dalana	• Fanamboarana tsena vaovao
Fanatanjahan-tena fivoarana ara-piaraha-monina (ara-tsosialy)	• Tsy misy ny fialam-boly • Tsy ampy ny kianja	• Fialam-boly ampy	• Fanamboarana kianja
Fambolena	• Nentim-paharazana	• Fambolena manaraka ny teknika moderina	• Fampiofanana ny mpamboly
Fiompiana	• Netim-paharazana	• Fiompiana manaraka ny teknika moderina	• Fampiofananana ny mpiompy
Rafi-pitanatanana ny miralenta			
Rafitry ny miralenta	• Tsy mbola mipetraka tsara	• Mipetraka tsara eto amin'ny Kaominina ny miralenta	• Fanentanana • Fananganana Fikambanana mivoy ny Miralenta
Fanamafisana ny fahaiza-manao	• Mbola tena vitsy ny mahafehy ny miralenta	• Fampitomboana isa ireo mahafehy tsar any miralenta	• Fanentanana fampiofanana
2-Tetik'asa filamatra/lohany ho famongorana ny herisetra atao amin'ny vehivavy			
Fiarovana	• Tsy ampy	• Ampiana ny fiarovana • Voasoroka ny	• Fanentanana • Fiofanana

		herisetra	
Fandraisana an-tanana	• Tsy ampy	• Voaray sy ahitana vahaolana ireo hianjadian'ny herisetra	• Fametrahana toby handraisana ireo hiaran'ny herisetra • Fanomezana toro lalana
Fanohanana sy fanampiana	• Tsy ampy	• Fanohanana mitohy • Fanampiana maharitra	• Famerahana tompon'andraikitra afaka manome vaha olana: lalana, fitsaboana…

Resaka tamin'ny mpanao Gazety

TOVANA E**: TOMBAN'NY ATRIKASA**

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	LAHY 3 VAVY 22					
Faritra	Analamanga					
Kaominina	Ambohitrony					
Taona	12 - 17 0	18 -30 3	31- 40 7	41 – 50 7	51 – 60 6	60 + 2
Fianarana	Ambaratonga voalohany 4	Ambaratonga faharoa 19	Oniversite 1	Fanofanana ara-kasa 1	Fampianarana olon-dehibe 0	

	NAOTY /10
1. FIRAFITRY NY FANDAHARANA AMIN'NY ANKAPOBENY	**08**
2. NY VOTOATIN' NY FANDAHARANA	**7,5**
3. TAHIRIN-KEVITRA NAMPIASAINA	**8,5**
4. FAMPITAN'NY TOMPONANDRAIKITRA NY FIOFANANA	**09**
5. ASA ISAM-BAOMIERA (TRAIVAIL DE GROUPE)	**8.5**
6. VOKATRA AZO	**08**
7. FANAJANA NY FANDAHARAM-POTOANA	**08**
8. FAHALALANA AZON 'NY MPIOFANA	**08**
9. TOMBOTSOA EO AMIN'NY FIVELARANA	**8,50**
10. FANDAMINANA ANKAPOBENY (Toerana, sakafo, sns)	**9**

FANAMARIHANA

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

- Ny ady hevitra teo amin'ny mpiara-mizaika
- Fametrahana ny drafitr'asa momba ny miralenta. Miandry fanentanana sy fampiharana.
- Ady ho amin'ny miralenta
- Fandraisana andraikitra
- Ny momba ny miralenta, satria nahafantarako zavatra maro mahakasika ny fiainana andavanandro
- Teo amin'ny asam-baomiera
- Nahafahana nifampizara hevitra sy traikefa
- Asa isam-baomiera
- Ny fandaharana tamin'ny miralenta satria nahafantarako ny zon'ny vehivavy.
- Fanandratana ny zo sy ny maha-izy azy ny vehivavy.
- Lohahevitra faha 4: ny serasera sy ny fampiasana ny teknolojia vaovao
- Ny momban'ny hevitra raiki- tampisaka
- Ny fampahafantarana sy paikady momba ny miralenta entina miaina.
- Nymomban'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariam-pitondrana

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

- Nilaina daholo ny fandaharana

3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

- Ao an- tokantrano
- Hanentana sy hampahafantatra ny mpiara-monina momba ny miralenta
- Ny fifaneraserana amin'ny mpiara-belona ary ny fanentanana azy ireo.
- Fampahafantarana ny olona ny fiofanana azo, ampiharina amin'ny fiainana andavanandro. --Manao tatitra any amin'ny vondron'olona.
- Eny amin'ny teoram-piasana.
- Eo amin'ny fiaraha momina
- Ampiharina eo amin'ny sehatry ny asa sy tokantrano
- -Ireo olona manodidina.

Fanamarihana hafa

- Tsy ampy ny fotoana niofanana.
- Ampitomboina ny isan ny mpiofana raha mety
- Tsara raha ampiofanina toy izao ny mpampianatra,ny reni-pianakaviana,ny rai-pianakaviana
- Atao mifanentana ny isan'ny lahy sy ny vavy

Sary niraisan ny rehetra